

ALAHADY 24 MAR 2019

Ny **Deoteronomia 28** no anisan'ny texte tokony ho fantatra, na fara-fahakeliny hoe fantatra ny fisiany ao amin'ny bokin'ny Deoteronomia satria ny **toko 28** manontolo dia mizara roa : ny tapany voalohany, hatreo amin'ny **and.14** milaza ny fitahiana tian'Andriamanitra arotsaka ho an'izay mpino mitandrina ny didiny, ary ny **and. 15** hatramin'ny farany, ny lisitry ny ozona izay hahatratra izay tsy mitandrina ny tenin'Andriamanitra.

Deoteronomia 28:1-2 : « Raha mihaino tsara ny feon'i Jehovah Andriamanitrao ianao ka mitandrina hanaraka ny didiny rehetra, izay andidiako anao anio, dia hasandratr'i Jehovah Andriamanitrao ho ambonin'ny firenena rehetra amin'ny tany ianao; ary ho tonga amina sy ho azonao izao fitahiana rehetra izao, raha mihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao ianao ».

Deoteronomia 28:12-13 : « Hovohan'i Jehovah ho anao ny lanitra, tranony fitehirizan-tsoa, handatsahany ranonorana amin'ny taninao amin'ny fotoany sy hitahiany ny asan'ny tananao rehetra. Ary hampisambotra ny firenena maro ianao, fa ianao kosa tsy hisambotra. Dia hataon'i Jehovah ho lohany ianao, fa tsy ho rambony; ary ho ambony tokoa ianao, fa tsy ho ambany, raha mihaino ny didin'i Jehovah Andriamanitrao, izay andidiako anao anio, ka mitandrina sy manaraka azy ».

Ilay **and.12** : « *Hovohan'i Jehovah ho anao ny lanitra, tranony fitehirizan-tsoa* ».

HOVOHAN'I JEHOVAH HO ANAO NY LANITRA

Izany no teny fampanantenana, vaovao mahafaly ho antsika Fiangonana amin'izao maraina izao : JEHOVAH DIA TE HAMOHA NY LANITRA HO ANTSIKA, te hamoha ho antsika ny lanitra Izy, dia ampian'i Mosesy hoe : « *tranony fitehirizan-tsoa* ». Fantatsika ireny antsoina hoe banky ireny, fitehirizam-bola ; ny lanitra, tranon'Andriamanitra fitehirizany soa efa homaniny arotsaka amin'ny fiainantsika. Hoy Jesoa amina hoe : **HOVOHAN'I JEHOVAH**

HO ANAO NY LANITRA.

Misy fahamarinana 3 ry havana, hojerentsika fohy, hamohasantsika izany teny fikasana izany. Miteny amintsika ny Tompo hoe : **HOVOHAN'I JEHOVAH HO ANAO NY LANITRA.** Mamy izany. Ny fahamarinana voalohany dia hoe : **FA IANAO TOA TSY MINO IZANY E !** Ny fahamarinana faharoa manaraka : **FA IANAO TOA TSY AFA-PO AMIN'IZANY E !** Kanefa izao : rehefa vohain'i Jehovah ny lanitra, dia **OMENY ANTSIKA FIAINANA BE DIA BE,** mahazo fiainana be dia be isika. Izay ilay toriteny androany ry havana : **HOVOHAN'I JEHOVAH HO ANAO NY LANITRA.**

Fahamarinana 1 : IANAO OHATRANY TSY MINO HOE HOVOHAN'I JEHOVAH HO ANAO NY LANITRA

Izay no problemanao. Inona ny zavatra teneniny ry havana ? Hoe : **and.3** : « *Hotahina ianao ao an-tanàna* », **and. 8** : « *Handidy ny fitahiany ho aminao Jehovah* », **and.9** : « *Hanandratra anao ho firenena masina ho Azy Jehovah* », **and. 11** : « *hataon'i Jehovah manana amby ampy izay hahasoana anao* », **and. 12** : « *Hovohan'i Jehovah ho anao ny lanitra* », **and. 13** : « *hataon'i Jehovah ho lohany ianao, fa tsy ho rambony* ». Jehovah, Jehovah, Jehovah, Jehovah no mi contrôle ny zavatra rehetra, any an-danitra sy ety an-tany. Izany io Jehovah hoe hamoha ny lanitra io, fa ianao no tsy mino e, ianao no tsy mino an'izany, dia matimaty ny finoanao. Fa hovohan'ny lanitra ; vonona ho amin'izany Izy.

Ianao anie omeny taranaka e, mbola avy Aminy izany ; ary ny amin'io taranaka izay omeny anao io, Izy anie no mi-contrôle an'io taranakao io e. Omeny asa aman-draharaha ianao, avy Aminy izany ; fa ny ho avy sy fivoaran'io asa aman-draharaha anao io, Izy anie no mi-contrôle an'izany e, fa tsy ny tananao, tsy ny sandrinao e. Izany ange ry havana e. Manome ranon'orana Izy amin'ny fotoan'andro ho fitahiana ; fa Izy anie mi-contrôle an'izany e. Izy no mi-contrôle an'izany. Mino ve ianao fa vonona hanokatra ny lanitra ho anao Izy ? Izay ilay fanontaniana. Fa izany no ventesin'ny bokin'ny

Deuteronomia : hitahy Izy, handidy fitahiana Izy, hanokatra ny lanitra Izy, hanandratra anao Izy ; mino an'izany ve ianao ? Karazana refrain izany, ary karazana refrain satria raha tsy atao refrain, raha tsy atao fiverenana izany, tsy hino an'izany ianao. Andriamanitra ry havana o, mi-contrôle ny zavatra rehetra, ary araka ny fiteny efa fahitantsika, hoe : ianao ange, ianao, afaka mividy fandriana ianao, fa Andriamanitra no afaka manome anao torimasoa, Izy no mi-contrôle ny torimasonao ; ianao afaka mividy sakafo, fa Andriamanitra no manome fahazotoana homana e, fa tsy avy aminao izany ; ianao afaka mividy fanafody, fa Andriamanitra no manome fahasalamana ; ianao afaka mitady loisir ohatran'izao sy ohatran'izao, fa Andriamanitra no manome fahasambarana. Andriamanitra no mi-contrôle ny zavatra rehetra e. Mino an'izany ve ianao ? Mino an'izany ve ianao e ? Ary io Andriamanitra io ihany no afaka manome antsika ry havana, izay zavatra tsy azon'ny vola omena antsika, izay zavatra tsy azon'ny olona atolotra antsika ; io Andriamanitra io, raha manokatra ny lanitra ho anao Izy, dia ataony manana amby ampy izay mahasoa anao.

Ry havana o, ianao izay milaza fa mino an'i Jesoa Kristy, matoky Azy ve ianao amin'ny lafim-piainanao rehetra ? Matoky Azy ve ianao amin'ny lafim-piainanao rehetra, ka vonona ny hitandrana izay didy rehetra handidiany anao manomboka anio ? Izany ny lakle an'ny fahasambarana, izany ny lakle an'ny fahombiazana ry havana o. Ary jereo tsara, efa notenenina teto ombieny ombieny : **and.2**, hoe : « *ary ho tonga aminao sy ho azonao izao fitahiana rehetra izao, raha mihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao hianao* ». Ho tonga aminao ny fitahiana. Ilay teny hebreo manao hoe : hahatratra anao, hiazakazaka ka hahatratra anao ny fitahiana. Iza ianao, mihazakazaka tsy mahatratra fitahiana satria tsy narahanao ny tenin'Andriamanitra. Fa ho azonao izao fitahiana izao, hiazakazaka izy, hambabo anao ny fitahiana. Izany ny vaovao mahafaly raha mino ianao fa mi-contrôle ny zavatra rehetra Andriamanitra, ka mametraka ny fiainanao eo am-pelatanany

ianao ary matoky Azy ianao, matoky izay ambaran'ny teniny ianao.

Hoy ilay fahamarinana voalohany hoe : mino izany ve ianao ? Ohatrany tsy mino ianao ry havana o.

Ny hamaranana izao fahamarinana voalohany izao dia hoe : mazotoa mivavaka hoe : « Eny ary Jesosy an, vonjeo amin'ny tsy finoako aho, vonjeo amin'ny tsy finoako aho ».

Fahamarinana 2 : ANDRIAMANITRA VONONA HAMOHA NY LANITRA HO ANAO, FA NY PROBLEMANAO FAHAROA DIA HOE IZAY APOITRANY EO, OHATRANY TSY AHAFAP-PO ANAO

Andriamanitra vonona hamoha ny lanitra ho anao, fa ny problemanao faharoa dia hoe izay apoitrary eo, ohatrany tsy ahafap-po anao. Satria maninona ? Manantena fitahiana ianao, ary manantena fitahiana ianao ary tsy afa-po ianao raha tsy arak'izay nanantenanao azy sy namaritanao azy izany fitahiana izany. Dia tsy afa-po amin'izay fitahiana arotsak'Andriamanitra avy any an-danitra ianao ry havana o. Ary izay ilay fon'ny olombelona, feno fitsiriritana, tsy afa-po ; tsy afa-po satria mijery an'ilay fitahiana narotsak'Andriamanitra amin'ny hafa. Hoy ilay mpitoriteny anankiray izay hoe ny fiainantsika kristiana dia ohatran'ilay fomban'ny olona sasany rehefa mankany amin'ny restaurant : antsasak'adiny izy mandinika an'ilay carte sy ilay menu eo, dia hoe ity, an an an, aoka ihany, aleo ty, an an an, ty ihany e ; tonga avy any ilay serveur, mahita ny nalain'ilay olona ery dia hoe : « fa inona ilay nalain'ilay olona ery io fa io no tena tiako ? ». Tsy afa-po ianao amin'iay arotsak'Andriamanitra ho anao avy any an-danitra ry havana o.

Fa izao no tokony ho fantatsika mazava, izao no tokony ho fantatsika mazava : Andriamanitra tsy nampanantena anao hanatanteraka ny sitraponao. Fa Andriamanitra niteny hoe : Izaho eto hanatanteraka izay rehetra mahasoana anao. Henonao ve izany ry Fiangonana o ? Tano amin'ny teniny Izy ; eny, na ny

zavatra hafahafa aza dia miara miasa hahasoana. Ary anjaranao ny mampifanaraka ny sitraponao amin'ny sitrapony ; fa tsy hoe « izao no sitrapoko Andriamanitra o, tahio io sitrapoko io, ary tanteraho io sitrapoko io ». Fa izany : tsy afa-po isika amin'ny fanambinan'Andriamanitra antsika. Ary tsy mino koa isika hoe ny vavaka ihany, ny fitandremana ny tenin'Andriamanitra ihany no lakle an'ny fahombiazana sy ny fahasambarana. Tsy minoa an'izany isika ; fa mieritreritra isika hoe « ity izao raha ataoko an'izao an, izaho mba nianatra ohatran'izao ihany an, izaho mba manana traikefa ohatran'izao ihany an, dia mety ho hety io ». Tsia ry havana o, tsia. Rehefa tsy hatoky an'Andriamanitra tanteraka ianao, ka miandrindra ny sitrapony ianao, tsy hahita fahasambarana, tsy hahita fahombiazana ianao.

Hoy ny mpitoriteny anankiray : ny fiainanao eto an-tany, ity tany izay noharian'Andriamanitra ity, dia efa ato anaty Baiboly ato ry havana o, ny mode d'emploi-ny ; ato anaty Baiboly ny mode d'emploi-ny fiainanao. Ary izany no maha-zava dehibe ry havana o, ny hoe mamaky Baiboly, mianatra Baiboly, mianatra tsianjery ao amin'ny Baiboly, misana ny Baiboly, mitandrina ny Baiboly, ary maty antoka isika izay mirehareha fa hoe manana Baiboly amin'ny teny malagasy kanefa any anaty étagère feno vovoka ilay Baiboly ry havana o. Hoy izay mpanompon'Andriamanitra izay : rehefa izany no ataonao, ary na inona na inona fanamarinan-tena ataonao, tsy misy base ahazoan'Andriamanitra mitahy anao. Fa raha ambinina ianao, dia fanambinana avy amin'izao tontolo izao ; ary raha ambinina ianao, dia fanambinana tsy maharitra ; ary raha ambinina ianao, dia fanambinana miaro ozona. Jereo anie ny **Deuteronomia 28 :15** : « *Fa raha tsy mihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao kosa hianao ka tsy mitandrina hanaraka ny didiny rehetra sy ny lalàny, izay andidiako anao anio, dia ho tonga aminao sy hahatratra anao izao fanozonana rehetra izao* ». Ianao kamo mamaky Baiboly io, ianao mba mianatra Baiboly ihany nefa tsy tandremana, ry havana o, miantso ozona ianao. Miantso ozona ianao hoy ny tenin'Andriamanitra ary

izany no nanafaran'i Josoa, **Josoa 1 : 8** : « *Aoka tsy hiala amin' ny vavanao ity bokin' ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman-alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin' izany dia hahalavorary ny lalanao hianao sady hambinina* ». Ny lakle an'ny fahalavorariana, ny lakle an'ny fahombiazana : ny fisainana tahaka an'Andriamanitra sy ny fitandremana izany.

Ry havana o, io fahamarinana faharoa io dia manao hoe : tsy afa-po amin'ny fitahian'Andriamanitra anao ianao, mifonà, dia izao no antom-bavaka, aorian'izao fahamarinana faharoa izao, hoe: « Tompo an, Tompo ô, ampio aho hiteny hoe : aoka tsy ny sitrapoko no atao fa ny sitraponao ».

Fahamarinana 3 : JEHOVAH HAMOHA NY LANITRA, HANOMEZANY NY TENA FIAINANA

Andriamanitra, Jehovah hamoha ny lanitra. Jehovah hamoha ny lanitra.

Rehefa mamoha ny lanitra Andriamanitra ry havana, rehefa mamoha ny lanitra Izy, dia omeny an'ilay olona efa nosafidiany ilay fiainana be dia be amin'ny alalan'i Jesoa Kristy : omeny ilay fiainana be dia be, omeny ilay tena fiainana. Izany ny dikan'ny hoe Andriamanitra mamoha ny lanitra ; mamoha ny lanitra Izy raha mitandrina ny didiny isika. Jereo tsara ny fipetrak'ity perikopa ity : **and. 1**, sy **and 13**, hoe : « *Raha mihaino tsara ny feon'i Jehovah Andriamanitrao ianao ka mitandrina hanaraka ny didiny rehetra, izay andidiako anao anio, dia hasandratr'i Jehovah Andriamanitrao ho ambonin'ny firenena rehetra amin'ny tany ianao; Dia hataon'i Jehovah ho lohany ianao, fa tsy ho rambony; ary ho ambony tokoa ianao, fa tsy ho ambany, raha mihaino ny didin'i Jehovah Andriamanitrao, izay andidiako anao anio, ka mitandrina sy manaraka azy* ». Ny miandoha ilay perikopantsika sy ny mamarana ilay perikopantsika : fitandremana ; fihainoana ny feon'Andriamanitra sy fitandremana ny didiny ry havana o. Ianao izay mitady fatratra an'izany fiainana be dia be, izany

fanambinana sy fahasambaranana izany, ny lakle an'izany : ao amin'ny fihainoana ny feon'i Jehovah sy ny fitandremana ny teniny.

Mijery an'ity firenentsika ity ry havana, mijery an'ity firenentsika ity dia tena hoe mivarahontsana ianao, satria ity firenentsika ity ry havana o, azo antoka nanomboka tamin'ny 1860 hoe efa natolotra an'i Jesoa ary Azy ity firenena ity ; nefa jereo, jereo manomboka eo amin'ny **and. 12** sy **and.13** : « *Hovohan'i Jehovah ho anao ny lanitra, tranony fitehirizan-tsoa, handatsahany ranonorana amin'ny taninao amin'ny fotoany sy hitahiany ny asan'ny tananao rehetra. Ary hampisambotra ny firenena maro ianao, fa ianao kosa tsy hisambotra.* ». Ry havana o, tsy dia mahay toe-karena izahay fa raha ny zavatra fantatray, dia boka'ny trosa ity firenena ity. Rehefa miresaka ny crise any Grèce ianao, rehefa miaina ao France ianao, dia ny zavatra resahina foana, « le poids de la dette », ny trosan'ny firenena. Aty tsy mba resahina izany, mahavariana. Fa dia faly fotsiny hoe nanome vola indray ny bailleur, nampindrana vola. Fa ahoana moa izany no amerenantsika an'ireny e ? Ahoana ny amerenan'ny taranantsika an'ireny ? Fa tsy izany akory no problema : tsy mampisambotra isika fa misambotra ; satria manana mpitondra nifanesy tsy mitandrana ny didin'Andriamanitra ry havana o. « *Hampisambotra ny firenena maro ianao, fa ianao kosa tsy hisambotra. Dia hataon'i Jehovah ho lohany ianao, fa tsy ho rambony* ». Isika malagasy, désolé aho miteny amintsika, fa miady rambony, miady gisitray; asa raha firenena mahantra fahafiry ary amin'ny rambony ary isika ry havana, nefa ny promesse-n'i Jesosy hoe : Madagascar, ataoko lohany ianao, satria efa natokana ho Ahy. Fa tsy mandeha araka ilay fiantsoana, mandeha mendrika ilay fiantsoana niantsoana antsika hoe firenena efa nanononana ny anaran'i Jehovah isika ry havana o. Io : « *ary ho ambony tokoa ianao, fa tsy ho ambany* » : ambany isika e, ambany isika ; ary ny tena mampalahelo, misambotra isika, rambony isika, ambany isika, nefa firenena nanononana ny anaran'i Jehovah ry havana o. Ary mijery antsika ny firenena hafa, dia afa-baraka i

Jehovah. Tonga ny fotoana anovàna an'izany. Ary jereo ilay **and.9** teo ry havana : « *Hanandratra anao ho firenena masina ho Azy Jehovah, araka izay nianianany taminao, raha mitandrana ny didin' i Jehovah Andriamanitrao hianao ka mandeha amin' ny làlany* ». Hanandratra anao ho firenena masina. Andriamanitra te hanandratra an'ity firenena ity firenena ity ry havana o, ho firenena masina ; ary tena hoe fahagagana eo imason'ny firenena jentilisa izany Madagasikara izany manomboka izao. Ary tsy resaka politika izany, tsy resaka toe-karena izany, fa resaka fitandremana, fihainoana an'Andriamanitra sy fitandremana ny didiny.

Miresaka an'ilay hoe fiainana be dia be, lasa kely tany amin'ny firenena ; fa ho ahy sy ho anao io. Izany no teny fampanantenana omen'Andriamanitra antsika raha miteny Izy hoe : « Hovohako ho anao ny lanitra, tranoko fitehirizantsoa ». Fiainana be dia be, ho anao ety an-tany ary fiainana mandrakizay rhaa miala ety an-tany ianao. Izany no dikan'ny hoe hovohan'Andriamanitra ny lanitra : hovohainy ampidinany fitahiana ety an-tany, ary rahatrizay miala ety, vohainy ny lanitra hidirako ao amin'ny fitsaharana mandrakizay.

Hoy ny mpanompon'Andriamanitra anankiray izay ry havana : ny finoana marina hoy izy, ny finoana marina no mampiditra any an-danitra ; fa ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra no mampidina an'izany lanitra izany dieny izao ao am-ponao. Ny finoana marina hoy izy no hampiditra anao any an-danitra rahatrizay, fa ny fankatoavana an'Andriamanitra, ny fihainoana ny feony, ny fankatoavana ny didiny, no mampiditra dieny anio, 24 Mars izany lanitra izany, ao am-ponao.

Ho aminao ny fahasoavan'ny Tompo. Amena